KABARIN'NY
FILOHA MARC RAVALOMANANA
FANKALAZANA NY FITSINGERENAN'NY 29 MARS 1947

29 Marsa, andro fankalazana ny tsingerintaonan'ny Fihetsiketsehena Lehibe tamin'ny taona 1947, izay nitarika ny fahazoana ny fahaleovantenan'i Madagasikara.

Ry Vahaoka Malagasy, Mpiray Tanindrazana,

Ny voalohan-teniko, dia fisaorana an'Andriamanitra noho ny nahatratrarantsika izao andro lehibe, manan-tantara eo amin'ny Firenena Malagasy izao.

Miarahaba ny Vahaoka Malagasy rehetra manerana ny Nosy aho, sy ireo monina amin'ny firenena maro, manereana an' izao tontolo izao.

Miarahaba manokana ihany koa ireo bekotro maro olatra, akanga sisa nanamborana, tapa-porohona sisa tsy may. Mankasitraka sy midera ny herimpo, ary ny fitiavan-tanindrazana nasehonareo izahay. Aza matahotra, fa hijoro ho mendrika ny ohatra nasehonareo izahay, ary hijoro hatramin'ny farany.

Ry Malagasy Mpiray Tanindrazana,

Miray fo sy saina aminareo aho amin'izao andron'ny 29 Marsa izao, andro miavaka indrindra eo amin'ny tantaran'i Madagasikara.

29 Marsa, andro fahatsiarovana, andro fandinihin-tena ho an'ny mpitondra sy ho an'ny olom-pirenena tsirairay avy, andro handrefesana ny fitiavantsika marina ny Tanindrazantsika sy ny Vahoaka Malagasy, andro hanehoana ny fanapahan-kevintsika ho amin'ny hoavy.

29 Marsa 1947?. Andro nanokatra ny fotoana nitondran'ny Malagasy tia tanindrazana faisana noho ny fiandrandrany ny hiverenan'ny fahaleovantenan'i Madagasikara, namoizany ny fahalalahany, eny ny ainy, satria tsy misy antony hihariana fananana sy fahalalana, eny fahendrena aza, raha mbola vahoaka voazanaka sy voageja. Tsy nahazaka izany ireo Razantsika maherifon'ny firenena, ka naleony nisotro ny aleoko maty.

Toy izany koa isika ankehitriny, 29 Mars 2010.

Nitsidika antsika Andriamatoa Président Jacques Chirac tamin'ny taona 2005. Tamin'izany indrindra no nanambarany am-pahibemaso, fa « **inacceptable** », na « **tsy azo ekena** » ny fomba namoretana ny fihetsehan'ny mahery fo, tia tanindrazana malagasy tamin'ny taona 1947, nanoherana ny mpanjanatany.

Efa ela ny fifandraisan'i Madagasikara sy Frantsa. Nampiraisin'ny tantara, ny kolontsaina, ny fiteny, ary ny soatoavina isika. Firenena miteny frantsay isika, ary reharehantsika ny maha firenena mahaleotena antsika ihany koa.

Maro ireo teratany Malagasy monina any Frantsa. Mitondra ny anjara birikiny eo amin'ny firaisan'ny fianakaviamben'ny firenena miteny frantsay izy ireo, na eo aza ny maha Malagasy azy manana kolontsaina hafa. Isika rehetra dia te hiaina araky ny soatoavina repoblikana lehibe fonoson'ny teny hoe: **Liberté, Égalité, Fraternité, na fahafahana, fitoviana, firahalahiana.**

Iaraha-mahita anefa ny manjo ny firenentsika ankehitriny. Voaosiosy ireo soatoavina ireo.

Tao anatin'ny 12 volana monja, dia niova tanteraka i Madagasikara noho ny nafitsoky ny fitondrana tsy ara-dalàna, nandrombam-pahefana herintaona lasa izay. Ilay Firenena nandroso tsara, efa nanomboka niroborobo iny, nitsitongana lasa fanjakan'i Baroa, potika, rava tanteraka noho ny krizy ara-politika, krizy ekonomika, ary sosialy. Lasa tany tsisy lalàna, hanjakan'ny hery pamoretana sy ny fanenjehana ireo mijoro, mitaky ny ara-dalàna.

Nihena ny famokarana. Very tanteraka ny fifampatokisana, na teo amintsika samy Malagasy, na teo amin'ireo mpiara-miombon'antoka amintsika. Lasa ny mpamatsy vola. Maro ireo orinasa nikatona, koa aman'hetsiny ireo tsy an'asa.

Mafy ny fiantraikan'izany amin'ny fiarahamonina sy ny isan-tokantrano. Tena mahonena. Tena mahaontsa ny mahazo ny fianakaviana maro. Ao ireo zara raha misakafo, ary marobe ny ankizy tsy afa-mianatra, satria tsy manam-bola handoavana ny saram-pianarana intsony ny ray aman-dreny.

Rava sy potika tanteraka ireo ala voajanahary sy ny tontolo iainana, izay nimatimatesantsika niaraka tamin'ireo mpamatsy vola sy ny firenena sakaiza.

Niray feo izao tontolo izao, nanameloka ny fandrobaham-pahefana nataon'olombitsy mitam-piadiana. Izay no nahatonga ny Vondrona Afrikana nampiatra sazy amin'ireo mpitondra tsy ara-dalàna ireo. Ny tanjona, dia ny hamerenana azy ireo, hanaja izay efa nifanekeny, ka nosoniavina tany Maputo sy tany Addis Abeba.

Voalaza tamin’izany, fa hiroso amin’ny fampihavanam-pirenena isika, na “Réconciliation Nationale”, ary hajoro ireo rafim-pitantanana isaky ny ambaratongany sy ny governementa iraisana, izay hanomana fifidianana malalaka sy mangarahara, iarahana manatanteraka amin’ny Fianakaviambe Iraisam-pirenena.

Izany safidy malalaka izany no hany lalan-tokana afahan’ny Vahoaka Malagasy mamaritra marina ny hoaviny sy ny hoavin’ny Firenena, fa tsy ny fanaovana amboletra, hiroso irery amin’ny fanapahan-kevitra, ka hanao saritsarim-pifidianana akory.

Antenaina fa’i Frantsa sy ny Vondrona Eropeana, dia hiray hina amin’ny Vondrona Afrikana, hampiatra ny sazy amin’ireo mpitondra tsy ara-dalàna ireo.

Izay ihany no afahana mampanaiky ireo mpitondra tsy ara-dalàna ireo hamela ny Vahaoka Malagasy hisafidy ny hoaviny, amin’ny alalan’ny fifidianana malalaka sy mangarahara.

Mandeha ny fotaona, ka arakaraky ny fahanginan’ireo mpitondra ao Paris sy ireo mpanapa-kevitra any Bruxelles no mampitarazoka ny fangirifirin’ny Vahaoka Malagasy, izay zara raha mahita hanin-ko hanina isan’andro.

Ny tantaran’ny fihetsiketsehena notarihan’ireo mahery fo tia tanindrazana tamin’ny taona 1947, dia mampiseho fa tsy maintsy tonga ny fahafahana, na eo aza ny hery mpamoretana sy ny fanenjehena.

Koa matoky an’i Frantsa isika. Tsy hangina faona eo akory izy, fa hiova ny fomba fijeriny. Ka samy hanaja sy handala ny fotokevitra fonoson’ireo teny hoe: **“Liberté, Égalité, Fraternité”,** ary koa ny sata ijoroan’ny Repoblikan’i Madagasikara, dia ny **“ Tanindrazana, Fahafahana, Fandrosoana”.**

Manana andraikitra lehibe amin’ny zava-misy aty Madagasikara koa i Frantsa, indrindra fa ireo mpitondra. Noho izany, dia manantena aho, manantena isika, fa hiray hina amin’ny Fianakaviambe Iraisam-pirenena i Président Nicolas Sarkozy amin’ny fampiharana ny sazy amin’ireo mpitondra tsy ara-dalàna ireo, na koa handray anjara mivantana amin’ny fanerena azy ireo, hanaja izay efa nekena sy nosoniaviny tany Maputo sy tany Addis Abeba, ka hanjaka eto Madagasikara indray ny soatoavina demokratika.

Mitodika manokana amin'ny Foloalindahy sy ireo mpitandro filaminana aho.

Tomponandraikitra voalohany amin'izao zava-misy izao ny Foloalindahy sy ny mpitandro filaminana rehetra. Tsy afa-miala isika, satria tsy diso ny teny faneva atao hoe: "Hoan'ny Tanindrazana". Tandroka aron'ny vozona, ary kitro ifaharan'ny Firenena isika. Koa raiso ny andraikitra! Sahia!

Tsy misy tsy diso akory raha mbola eto an-tany. Ary ny mahatsiaro tena no afaka mandinika, sy mifamela. Ka tonga ny fotaona hirosoantsika amin'izany fifamelana izany, izany fifankatiavana izany, fandrindram-pihavanana, afahana miroso amin'ny fanarenana marina ity Firenena malalantsika ity. Samy tomponandraikitra isika mianankavy.

Ry Malagasy, Mpiray Tanindrazana,

29 Marsa 2010 ? Andro afahantsika mandinika sy mamakafaka ny zava-misy, ary andro afahantsika mandray fanapahan-kevitra. Amin'ny kiohon-dalana anankiray lehibe isika ankehitriny, koa alao hery ary, ry Vahoaka Malagasy. Alao hery ary, samy tia Tanindrazana isika. Ny fifamelana no zava-dehibe, koa miandry anao ny Firenena. Miandry anao ireo taranaka ho avy. Manatrika anao ireo iray mehery fo…

Aza mandraraka ilo mby an-doha, fa isika izao no hoavin'ny Firenena. Mijery antsika izao tontolo izao. Miandrandra antsika ny firenen-drehetra eran-tany, nohon'ny fahendrena izay ananantsika Malagasy, noho ny soatoavina ananantsika.

"Mitsangana ry tanora, mitsangana k'aza manana ahiahy,
'zao no andro sady ora, mijoroa, sahia tokoa ho lehilahy!
Sahia ho tena vehivavy!"

Homba antsika mandrakariva anie, Andriamanitra!